# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Jona 2018

**4** **Alatsinainy**
jona

***(Hoy ilay jamba nahiratra :)* Ilay Lehilahy atao hoe Jesosy no nanao feta, dia nanosotra ny masoko ka nanao tamiko hoe : Mankanesa any Siloama, ka sasao ny masonao ; koa nandeha aho, dia nanasa azy, ka dia nahiratra.** Jaona 9. 11

**Zavatra iray loha ihany no fantatro : jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao.** Jaona 9. 25

**Jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao**
*Vakio Jaona 9. 1-38*

Nanjary nahiratra tamina fomba tsy hay hazavaina ity lehilahy jamba iray. Taorianan'io fahasitranany mahagaga io dia nentin'ny olona nankany amin'ny manampahefana izy. Nanadihady fatratra ny Fariseo, mpitari-pivavahana tamin'izany fotoana izany : nanadina indroa ilay jamba nahiratra izy ireo. Saingy tsotra dia tsotra ny fanazavana, ka tsy nahafa-po azy ireo. Nahazo antoka ity lehilahy ity fa ny nahasitrana azy dia „Ilay lehilahy atao hoe Jesosy", ary nanambara izy hoe : „Zavatra iray loha ihany no fantatro : jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao".

Tsy te handray izany fijoroana ho vavolombelona tam-panetrentena sy tan-kitsimpo izany ny Fariseo, satria nankahala an'i Jesosy. Sahin'izy ireo aza ny nanambara hoe : „Izahay mahalala fa mpanota izany Lehilahy izany". Ary rehefa nahare izy ireo hoe : „Raha tsy avy amin'Andriamanitra izany Lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona Izy", dia safotry ny hatezerana ka nanambany sy nandroaka ilay lehilahy sitrana, sady niteny taminy hoe : „Tena teraka tamin'ny ota ialahy, ka ialahy indray va mampianatra anay ?"

Mpanota tokoa teo anatrehan'Andriamanitra ity lehilahy jamba ity, tahaka antsika rehetra, saingy ireo manam-pahalalana nanevateva azy ireo dia mbola nitoetra tao anatin'ny fahotany ihany (and 41). Miavaka ny tohin'ny tantara. Tsy namela azy ho irery Jesosy, fa nifanena taminy taoriana kely, ary nanontany azy hoe : „Mino ny Zanak'Andriamanitra va ianao ?" Tsy ny toejavatra mikasika ny fahasitranany intsony no resaka eo, fa izay tao anatin'ny fony. „Iza moa no Izy, Tompoko, mba hinoako Azy ?" hoy ilay jamba sitrana, namaly. Hoy Jesosy taminy : „Efa nahita Azy ianao, sady Izay miresaka aminao izao no Izy".

Toy ity jamba ity koa, dia aoka isika hangataka amin'i Jesosy hoe : „Iza moa Ianao, ry Tompo ?" Dia hamaly antsika Izy.